Ny Henatra na ny fahamaotinana dia anisan’ny Finoana

Tatitra azo avy tamin'i Abdoullahi Ibn Oumar (R.A) niteny : Nandre lehilahy iray nananatra ny Rahalahiny momba ny fahamaotinana (Henatra) i Mpaminany (S.A.W), ka hoy Izy Taminy hoe : “ Ny Henatra na ny fahamaotinana dia anisan’ny Finoana ”.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandre lehilahy nanoro hevitra ny Rahalahiny i Mpaminany (S.A.W) mba hiala amin'ny fahamaotinana tafahoatra loatra ! kas dia Nohazavainy Taminy fa anisan’ny Finoana ny fahamaotinana, ary tsy mitondra afa-tsy ny soa ihany izany. Ny fahamaotinana na ny henatra dia toe-tsaina mitarika ho amin’ny fanaovana ny Tsara sy ny fialana amin’ny Ratsy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5478